Constant de Horion

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

1 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Constant de Horion, 1932-06-01

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 14/01/2026 sur la plate-forme EMAN : https://eman-archives.org/francophone/items/show/1706

Copier

Description & analyse

DescriptionSuivi d'une traduction de Constant de Horion par JJ Rabearivelo, "hariva mena"
Éditeur(s) de la fiche

- Jar Luce, Xavier (13-07-2015)
- Resztak, Karolina

Informations générales

LangueMalgache
Cote

- NUM ETU REV FB Constant
- RV.FBCS

Nature du documentRevue
SupportPhotocopie
Localisation du documentBNF (CR)

Présentation

Date1932-06-01
GenreEssai
Mentions légalesFiche : équipe Manuscrits francophones, ITEM (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle). Licence Creative Commons Attribution – Partage à l'Identique 3.0 (CC BY-SA 3.0 FR)
Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Information sur la revue

Titre de la publicationRevue Ny Fandrosoam-baovao
Notice créée par Richard Walter Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification le 16/09/2025

Fichier issu d'une page EMAN : http://eman-archives.org/francophone/items/show/1706?context=pdf

01/06/32

Fojin' ny Literatioro — Hitady ny very

CONSTANT DE HORION

Asehon' i J. J. Rabearivelo

Raha atao indray mitazana ny tantaram-pirenena, dia izao no hita : misy fanavaozana amin' ny asa-saina tsy ankanavaka rehefa tsinjon' ny olona vitsivitsy fa variana loatra amin' ny fahazarana ny maro, ka tsy mitady zava-baovao intsony, nefa efa manomnomboka ho ritra, ary efa madiva ho volan-kankafotra ny re rehetra.

Ny mahagaga anefa dia ity : miverina manovo amin' ny loharano nipoirana ireny mpanavao ny tonta ireny. Dia toy izany, fahiny, tamin' ny andron'ny *Pléiade-ndRonsard*, tany Frantsa. Toy izany koa, tany Italia, fony faha-Renaissance. Ary tsy nisy hafa tamin' izany, tany Espaina, tamin-dry Gongora. Hatraiza hatraiza, tsy ary ho voalaza.

— Ny Belza, izay iaraha- mahalala fa firenena bitika kely any Eraopa, ary manana fiteny roa — dia ny frantsay sy ny flamà — ny Belza no isan' ny mafana fo indrindra amin' ny fotoana fanavaozana.

Nanan-tsolontena ngezalahy izy, tamin' ny faramparan' ny siekla teo, — dia tamin' ny nahaterahan' ny *symbolisme* frantsay. izay nikczaka hamelombelona ny Poezia disaka avy teo amin' ny *Parnasse* sy ny *Romantisme*... izay « efa lany afo sy tapi-porohana», hoy ny mpandinika maro.

Nanana an-dry Verhaeren mbamin-dry Maeterlinck izy ; nanana an-dry Van Leberghe mbamin-dry Elskamp koa, izay vao maty tato ho ato, ary mbola horesahintsika eto indray andro.

Tsy holazaintsika anio izav rehetra fantatsika momba izany — satria tsy ho ampy mihitsy ny toerana ! Izay zatovo Belza manohv ny asan' ireny olomanga zokiny ireny, no ndeha hambara vetivety. Isan' ireny, ary iray amin' ireo havanana sy « manao azy » indrindra—toaan-dry Georges Linze, P.-L. Flouquet, Pierre Bourgeois sy ny haity Constant de Horion ity.

Mitovitovy taona izahay, satria teraka tao Ixelles-Bruxelles tamin' ny 25 janvier 1901 izy. Mpitsara (na andriambaventy, 'hoy isika) no raharahany ; ary solontenan' ny Mpanjakany izy, ao amin' ny Fitsarana ao Liége, amin' izao fotoana izao.

Boky maro no efa navoakany.

Ilay aina taloha — dia ilay aina notovozina tao amin' ny loharano nipoiran' izao tontolo izao — no tsapa miriaria ao anaty tononkirany : tsv mba *manompo* rima amam-pingadona izy, fa *mandika* ny feon' ny fanahiny amin' ny fahadiovany tanteraka fotsiny.

Inoanay, fa efa nifankahita tao Paris (tao amin' ny *Pensée latine*) izahay sy Constant de Horion ; na tao Saint-Raphaël (tao amin' ny *Tablettes*)...Tao amin' ny *Anthologie*, — fikambanan' olona mikaroka tsv ankijanona izay fomba hiverenan' ny flandrianan' ny fanahy sy izay handaozany ny *redirady mirindra*—tao indray no tafahaona tato ho ato.

Tao no nahazoanay an' ilay tononkirany iray atao hoe : *Hariva mena*. Mbola tsy navoakany na taiza na taiza ity, ary nomeny soratanana ho anay. Hazo iray manaprofo ny ala io, ary singanteny misolo ny maro : ao dia ao avokoa i Constant de Horion manontolo. sy ny betahetam-panavaozany.

Nadikanay ara-bakiteny ny anaran' io tononkira io. *Andro mahatsara vahiny* no tena marina amin' ny teninitsika, ka araho araka izany raha tianao ny hampitaha azy amin' ny hariva aly amintsika.

Farany, misy andalany iray namaliany ilay fanontanianay hoe : « Nahoana no mena avokoa izay rehetra tsinjo amin' ity hariva mena ity ? » Hoy izy : « Angamba ny hatezerana sy ny lolompo tranainy, ary ny halavolo sy heloka miafina efa voatelin' ny tany hatramin' ny fahagola, no indray mifotroaka miverina eto amin' ny hariva ! »

Ohatrohatra aman-tombana tsy hita afa-tsy ao anatin' ny Baiboly sy ny Boky masin' ny fivavahana samy hafa ! Dia ao amin' ny iray amin' ireo loharano nipoiran' ny Poezia marina tadiavintsika !

J.-J. RABEARIVELO.

— Tsy hametra mialoha izay hataonav intsony izahay : « fikasana ho an'ny olombelona...»

Hariva mena

Hono, ho' aho ! Nahoana no mena avokoa izay rehetra tsinjo amin' ity hariva mena ity ?

Mamelatra lamba jaky ny lanitra, nefa toa trano tomboka,
ary ao anaty valonany, ery amin' ny tandrifin' ny andrefana,
dia io, hitako mandositra—hoatra ny isan' alina,
amin' ny fotoana ahavitan' ny andro ny diany tsy miova. —
ilay johary izay mandao ny kaontinantrantsika ;
manohy batrany ny lalaony andavanandro izy,
dia lalao feno bazavana sy aina.

Ery antampon' ny roka natobin' ny tantsaha
— endrey ny berimpony na dia valaka aza ny nofony !
endrey ny faharetany na dia nikoy aza ny herin-tsaina ! —
indreo, miboika hariva, hoatry ny any amin' ny volkano lavitra,
sakeli-drano mamiratra misy rano misintona
toa lalamby midraiko,
ary mifafy tsy an-kiato, toa riandrano afo,
ery amin' ny tehezan-tany maraotra.

Nitsambikina tao anaty kodiarana afo ny renirano Meuse :
mbola mena ny valamparihiny, ary misy jaky eny an-kainy.
Ao anaty alona mabery, indreo misy sambokely mihilana,
ary ny lay mavomenany
dia mandefa tara-bolamena vony.
Marina ve fa mba hanamena ny onja toy izao,
dia nolaingosana avokoa ny tenina rehetra teto an-tany ?
Hono, ho' aho ! Nahoana no mena avokoa izay rehetra tsinjo amin' ity hariva mena ity ?

Constant de HORION.

(nadikan' i J.-J. RABEARIVELO

FEON-TSODINA

....Dia lasa nanaraka ny « mpanjakany » ary ankoatry ny tendrombohitra andrefana arv ny fahazavana, ary ny aizina, ao anatin' ny fisalobona—maintiny, izay natahotahotra ny tontolo andro, ka nisitritsitrika sy niery tany ankatakonana sy tany anaty lavaka aman-johy, ary tany am-pasana, tena « lapany », iny hita mihasahy mihasahy ihany, ka manarona tsikelikely ny lohasaha sy ny havoana ivaiva, dia mananika ny tendrombohitra, ka tsy mijanona raba tsy maharakotra tanteraka ity fonenam-pivahiny.

Tonga ny alina, ilay czanakavavin' ny aiziaa ». Ny voalohan' asa atsony, dia ny miantso ny fanginana hanjaka hatraiza hatraiza, koa tsy misy feo re intsony tao Vohitrarivo afa-tsy ny an' ny riandrano any ho any, sy tolokon' dika noana any an' efitra. . .

Efa namono afo avokoa ny tao antanana ; efa tapitra misnoka amin' ny torimasom-pialantsasatra avokoa ny Sihanaka iray vohitra. Trano zozoro kely bozetazeta, efa mil-tadetaka be ihany ary antsisiny atsinanana ary sisa tsy nirindrim-baravarana ; jiro vorodamba mitsilopilopy tsofin' ny rivotra avy amin' ny elakelakin' ny zozoro no io mirehitra eo amboay tongotakotra bangambanga, ka mba manome hazavana tsizarizarv ilay trano mamahala toy ny any am-pasana.

Eo an-tokonan' ilay varavarana, indro tovovavy iray hatsatra, mahia, misarango-borodamba, mandefa ny masoay lalina hifindrafindra amin' ny kintana mipendrampendrana eny amin' ny hababakaba mainty mangan' ny ririnina. Eo akaikiny eo : zazakely be volondoha, miakanjo sarifilanelina feno tampintampina ; tokony ho efatra na dimy eo ny taonany : Raholiniriana, ilay vavitokan' ny mpanefoefo taty amin' ny Renivohitra io, dia ilay tovovavy nikoizana na tamin' ny tarehy amam-bika, na tamin' ny fomba fihaingo, enin-taona lasa izay. Tojo izay vintana lakalaka anefa izv, ka nanaikv hanambadv tovolahv iraq amin' ireo « amboadia mitafv hodi-janak' ondrv » — misv maromaro atv amin' nv Renivohitra. — Mpiasa amin' nv fikambanam-barotra mpividv sv mpivarotra vokatrv nv tanv ilav nekenv, arv anv Antsihanaka no anjaratoeranv, koa vao vita irav volana nv fanambadianv, dia nandao nv akanv nahafoizana, ilav larivo mahamanimanina nv sarak'azv, Raholiniriana rehefa namonto nv mosaranv tamin'nv ranomasonv teo am-panaovam-beloma nv kakv sv reninv sv nv havana aman-tsakaiza tonga maro nanatitra tenv Soarano.

Ny taona iray sy roa voalohany, dia nisosa toy ny lakana tsara fivoy ery am-povoan' ny farihy tony ny fiainan' ireo mpivady vao ; dia notovanan' ny fahaterahan' i Vololonala ny fifaliany, koa na lasan' embona eo am-pitazanana mianandrefana atsimo asa Raholy, nionona ny fony nony mitopy amin' ity voaloham-bony mivelatra eo an-jaridainan' ny hatanorany ny masony . . . . .

Ny fihatsarambelatsihy anefa toy ny ankosotra amin' ny kavim-barahina, ka tsv avelan' ny andro sy nv alina tsy hihavasoka.

Niseho niandalana ny toetra ratsin-dRalaiarisoa, fa izany no anaran' ilay tovolahy — sady niampy indray aza, fa sady nasondrotry ny Vazaha niasany ny karamany, no be rahateo ny kaomisaonina azony noho ny habetsahan' ny vokatra voavidiny, koa voataonan 'ny sakaiza ratsy hisotro sv hiloka Ralav, arv dia tsv tahotra tsv hcnatra intsonv nv fitondrantena maloto.

Tafiditra tao amin' ilay tokantranombahiny ny antambo, ary indrisy, fa tsy misv hevitra nahazoana nandroaka azy intsony.

Efa-taona taty aoriana : tafahoatra betsaka noho ny azony ny lanin-dRalay, ka voatery hikasika ny volan' ilay Fikambanam-barotra niasany izy. Hitan' ilay lehibeny izany, ka dia noroahiny izy, fa tsy tiany hatao an-tranomaizina noho ny mba efa soa vitany.

—Hiova izao Ralay, hoy ny manodidina !

Fanirian' ilay vavitokana nanaraka azy rahateo koa izany, nefa ny efa eny amin' ny fihazakazahana hidina amin' ny faharatsiana saro-mitodika hiverina ary an-tampon' ny toetra fonv hendry.

. . . . . .

—Neny o ! hoy i Vololonala tamin-dreniny, tsy hody aty amin-tsita indray angaha i dada !

—Aan, aombinako, hoy Raholy, sady misakafafy ny lohan-janany izy ! Angamba ho avy ihany izy ndeha avy any amin' ny alehany. Dia ento lalina narahin-dranomaso no nanaraka izay ! ....Andeha aloha matory, ry Nala malalako, andrao masavy indray ny zanako.

Hiandy an' i dada malalato eto koa aho ka ! hoy ikalakely sady nidongidongy teo amin-dreniny izy.

Tafalatsaka lalina tao am-pon-Raholy toy ny lefona miaranitra ilay hoe « *malalato* » nivoaka ny vavan' ity bodo kely mbola tia ilay ray « nanary » noho ny hadalany !

. . . . . .

Injay any ho any feon-tsodina malefadetaka, mipararetra, arahin' olona. Hoy ny tononkira tafapaka tao an-tsofin' ilay tovovay:

« Mangina, mangina ho aho,
« Ray vorona ato an' ala !
« Izaho lahy ka tsy hangina.
« Ikaky sy neny intsony ve no aty
« E, roy o ! ».

Feno loatra ny kaopy mangidy nogohin' ilay vavitokan' ny mpanefoefo, ka nitobaka nanjary ranomaso narahimpigogogogoana : « Hangina aiza tokoa moa ity voronkely saraka ny akaniny, hoy ny feny, mitsitampitampy ! . . . . Hataoko ahoana ny fangina ato anatin' izao fisamboaravoaran' onja' mahery izao.

Hangina ve ity tsy eo akaikin' i Kaky sy Neny . . . . . .

Adray, ry lanitra, adray, ry tany : sahy hijery izao ve hianareo ! . . . Notampenan' ilay tovovavy ny masony, dia nankininy tamin' ny tolana ny lohany, ka nigogogogo toy ny zazakely izy !

— Mangina Neny havana ô ! hoy i Nala kely sady namaha ny tanan-dreniny tsy hanampina ny masony izy. . . Mangina fa efa ho avy izay i dada e ! . .

. . . . . .

Dia nangina niandalandalana ilay feon-tsodina, tsy re intsony ilay ara-bava, resin-torimaso i Vololonala ; Raholy irery sisa toa mitady fiononana eny amin' ny kintana alin-kisa nefa toa hakiviana foana no ambaran' ireny !

. . . . . .

Folo taona aty aoriana : tafakatra teto amin' ny Renivohitra ry Raholy telo mianaka. Tsy ilay Raholy nijalijaly intsony apefa, fa Raholy feno fiadanana, ary tsy ilay Ralay *adala* intsony, fa Ralay *hendry* «, afaka hadalana », ka mijoro amin' ny fahamarinana sy ny rariny rehetra. ary tsy Vololonala kely bada lela intsony, fa Ravololonala miomana haka lanadinana eny Atsimon' Imahamasina.

Ny androtr' ilay nisentoan-dRaholy teo an-tokonan' ny varavaran' ilay trano zozoro indrindra, ka nanairan' ilay *feon-tsodina* azy, inty Ralay mamo maty, lanjain' ny bandro namany toy ny biby hovonoina : feno loa mahatsiravina ny fitafiany rehetra. Tsy azo nesorina intsony ireny, ka tratry ny andro maraina teny ankodiny.

Lasa ny alina ; tonga ny mazava : afaka ny hamamoan-dRalay. Eo ampamafana ny loany eo Raholy no mamerina ilay hira narahin-tsodina ny alin' iny hoe :

« Mangina mangina ho aho,
Ray vorona ato an' ala
Izaho lahy ka tsy hangina
Ikaky sy Neny' intsony ve no aty
E ! roy e ! —

— Hatramin' ny anio, Raholy, raiso ny tanako, *tsy hanindroa* intsony aho — ka mamelà ahy hianao noho ny hadalako, hoy Ralay, sady niondrika teo anatrehan' ity fanaka malemy nohosihoseny izy —

— Mamela anao amin' ny foko manontolo aho, ry malala, hoy kosa ny

Raha mba sendra nanarangarana tao an' efitra nitsaboanaan-dRamelirivo isika tamin'ity ora nivononan-dRakoto hankao aminy ity, dia: hahita zazavavy anankiray mitan-takolaka mipetraka amin'

olona mitangorona, dia nivilv mba hijerv.—Izy io no nopeperan-dRamatoa Ramavo hanaraka an-dRakoto na handeha hiasa izy na avy niasa, mba tsv hahazoany mamangy an-dRamelirina aza isika.»

Marina ny tenin-dRamelirivo, ka fantany fa resin-dreniny ny fitiavany ny vadiny. Nibaribary taminy ny fahalcmeny ka nahatsiaro menatra izy.

Elizabeth Ramelirivo mahantra